**Andiany faha-75, taona 2019- 2020**

**Tsara ho fantatra momba ny fifaninanana hidirana ho zandary** 5


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 27 Aogositra 2019 Laharana 945 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 146), Madagasikara 21 aogositra 2019** 5

Antananarivo, Ivato, Antsirabe, sy ny maro hafa... 3

# Ho tazonin'ny antoko TIM mafy...



Naivo Rahamefy delegen'ny Boriboritany II 2

# Hitondra aina vao ho an'ny Boriboritany sy Iarivo



**FITOKANANA NY LALANA MAHATMA SY INDIRA GHANDI** 2

## Matotra ny fiarahamiasan'i Inde sy ny CUA



**Tsy fahombiazana** 2

## Manomboka mikoropaka ny fitondrana

**Tsy fandriampahalemana** 4

## Mpiandy omby notifirin'ny dahalo, voa teo amin'ny tarehiny

**EPP Ilanivato sy Soanierana II** 3

## Notoloran'ny depiote Ramboasalama fanampiana ireo mpanala CEPE

**Daka kely**

Resy ny akamanareo ry Boaikely tamin'ny baolina a !

Faha 40 taona ny sampana SFL-FJKM 2

## Trano fiangonana lehibe any Morondava Menabe no tsangambato



FANAMAFISANA ORINA NY ANTOKO TIM

## Atomboka indray ny fanisana ireo mpikatroka TIM isam-pokontany

Mpitarika FokTIM, Raiamandreny antanàna ary solotenan'ireo "délégué" biraompifidianana avy amin'ny Fokontany Ambatovinaky, Amparibe, Ambohitsorohitra ary Mandrosoa Ambojatovo no noraisin'ny depiote Hanitra Razafimanantsoa omaly. Ankoatran' ny fisaorana tamin'ny asa nataon'izy ireo nandritran' ireo fifidianana telo nifanesy dia nanao tatitra mikasika ny fiainam-pirenena ankapobeny sy ny asan' izy ireo avy amin'ny Antenimierampirenena ramatoa solombavambahoaka. Nisy ihany koa ny fotoana nifanakalozan-kevitra, ka nivoitra tamin'izany fa manantena ny hitohizan'ireo asa mipaka mivantana amin'ny vahoaka ireto mpiara-mikatroka ireto. Ilaina ihany koa ny fanatsarana ny lafiny fifandraisana sy fifampizarana vaovao, mba handresena ireo vaovao tsy marina sy ny fampiadiana entin'ny sasany mamparefo ny antoko TIM. Tapaka ary fa dia natomboka omaly ny fanisana indray ireo mpikatroka isam-pokontany. Tanjona ny ahafahana manavao na manatsara ny rafitra antanan-tohatra rehetra, mba hahafahana miatrika ny raharaham-pirenena indrindra izay fifidianana mbola ho avy. Nitsodrano sady nanamafy ny fahatokisana an'i Me Hanitra ihany koa ireo Raiamandreny tonga nanatrika ny fotoana tamin' izany Santatra am-bavarano ihany ny an'ireto fokontany efatra ireto fa mbola hisesy ny an'ireo Fokontany rehetra ao amin'ny Boriboritany voalohany.



*Depiote Me Hanitra namory ireo mpikatroka TIM avy amin'ny fokontany 4 tao amin'ny Boriboritany voalohany.*

**Helisoa**

Fitokanana ny lalana Mahatma sy Indira Ghandi

## Matotra ny fiaraha-miasan'i Inde sy ny CUA

Matotra ny fiaraha-miasa eo amin'i Inde sy ny CUA na Kaominina Antananarivo Renivohitra, satria fotoana fohy taorian'ny fihaonan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny ambasadaoron'i Inde Abhay Kumar, izay miasa sy monina eto Madagasikara ny herinandro lasa teo tao amin'ny lapan'ny tanana Analakely dia niroso avy hatrany tamin'ny asa izay nifampiresahan'ny roa tonta ny kaominina Antananarivo ren- ivohitra tamin'ny asa fanavaozana rehetra. Vokatr'izany, notokanana omaly ny famerenana indray ny lalana Mahatma Ghandi etsy Mahamasina, sy ny lalana Indira Ghandi etsy Tsaralalana. Nitokana izany ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana sy ny Ambasadaoron'i Inde eto amintsika Abhay Kumar. Mahatma Ghandi dia nitolona tam-pilaminana ho fanafahana an'i Inde sy Afrika iray manontolo tamin'izany fotoana, Indira Ghandi kosa dia Praiministra Indiana nanana ny naha-izy azy, efa nodimandry. Zavadehibe hoy ny ambasadaoron'i Inde ny ahatsiarovana ireo mahery fo ireo, ka ametrahana ny lalana hitondra ny anarany satria niady ho an'ny fahafahana izy ireo. Eto aho hoy ny ambasadaoro dia misaotra ny tanànan'Antananarivo tarihin'ny ben'ny tanàna tamin'ny nahatanteraka izao fotoana izao. Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana kosa dia nanambara fa zavadehibe ny ametrahana ny anaran'i Indira Gndhi sy Mahatma Gandhi amin'ny lalana eto Antananarivo renivohitra, etsy Mahamasina sy Tsaralalàna satria olomanga tany Inde izy ireo . Ny soa toavina nentiny dia ny tsy fampiasàna herisetra, izay tokony ho atao modely eto amin'ny firenentsika. Hanampy eo amin'ny sehatry ny fambolena an-tanàn-dehibe eto an-drenivohitra koa i Inde hoy izy, hanampy eo amin'ny lafiny fanofanana isan-karazany.



*Ny fitokanana lalana nataon'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny Ambasadaoron'i Inde, Abhay Kumar.*

**Helisoa**

Faha 40 taona ny sampana SFL-FJKM

## Trano fiangonana lehibe any Morodava faritra Menabe no tsangambato

Natomboka ny sabotsy faha 24 aogositra teo, tao amin'ny kianja Mitafo Mahamasina, ny fankalazàna ny faha 40 taona ny sampana SFL: Sampana Fivondronana Laika FJKM. Tonga maro ireo mpino nandritra ny fotoambavaka ; voasolotena avokoa ireo fileovana rehetra. Nitarika ny fotoambavaka tamin'izany ny filoha nasionaly ny SFL Radavidson Andriamparany . Ny nitondra ny tenin'Andriamanitra kosa dia ny mpitandrina Ramamonjiarisoa Hubert, filohan'ny komitin'ny jobily. Koa aoka ho mpanarato olona ianareo ry Laika, ary hiasa ho an'ny Tompo hatrany, hoy ny teny nampitondrainy ny mpanompony nandritra ny toriteny. Ny teny fanevan'ny jobily faha 40 taona dia ao amin'ny bokin'i Jakoba toko faha 2 and faha 18 " ary izaho kosa haneho ny finoako amin'ny asako". Ny tsangambato lehibe amin'izao jobily izao dia fanorenana fiangonana lehibe any BEFASY Morondava faritra Menabe. Amin'ny maha tompontrano ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA) amin'ny fankalazàna ny jobily dia nisolo tena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana nandritra ny fotoambavaka, ny sekretera jeneralin'ny CUA, Randriamasinoro Tahiry Ny Riana. Ho deraintsika Andriamanitra hoy ity farany raha nandray fitenenana izy, ny nahatrarana ny fotoampankalazàna satria raha oharina amin'ny fiainan' olombelona izany 40 taona izany dia efa tonga amin'ny fahamatorana tanteraka. 40 taona niantsehatra tao amin'ny sahan'ny FJKM ianareo hoy izy ho fampandrosoana ny fiangonana sy ny vahoakan'Andriamanitra, satria ny LAIKA dia tsy mijanona fotsiny amin'ny fitoriana ny filazantsara, fa miseho ihany koa amin' ny lafiny sosialy . Ny eo anivon'ny tanànan' Antananarivo dia miara-mientana tanteraka amin'ny LAIKA amin'ny fanatanterahana izany asa masina izany, satria ankoatra ny ara-tsosialy dia misy ny vondrombavaka isan-kerinandro manerana ny boriboritany 6 eto Antananarivo Renivohitra .



*Ny sekretera jeneralin'ny CUA niatrika ny fanokafana ny fankalazana ny faha-40 taonan'ny SFL/FJKM.*

**Helisoa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy fahombiazana: manomboka mikoropaka ny fitondrana

Efa volana maromaro izay no lasa kanefa tsy mahita fiovàna ny olom-pirenena amin'ny fiaimpiainany andavanandro, indrindra ho an'ny eto an-drenivohitra. Mbola ny teo ihany no teo tsy araka ny teny nifanomezana nanaovana kabary angoan-tenda izy ity. Tao anaty fampielezan-kevitra mantsy, raha ny nambaran'ny filoha Andry Rajoelina dia toy ny tsy ampy iray volana akory dia hiova izao tontolo iainan'ny vahoaka Malagasy izao rehefa tonga eo amin'ny fitondrana izy ireo. Hatreto anefa tsy izany no zava-misy. Manomboka miasa saina ny ampahany amin'ny vahoaka voakasika amin'izay mety hanatanterahana asa, ohatra, toy ny eny amin'ny faritr'i Betsimitatatra iny, fa ho simba ny fiharian-kareny na ny foto-pivelomany nandritry ny taona maro nanomboka hatrany amin'ny razambeny. Toa anaovana ambany maso tsy hita izany fahasahiranan-tsain'ny vahoaka izany ary tsy nasian-teny na kely akory avy amin'ny fitondrana aza. Fomba fiasa ratsy efa nisy teo aloha izany ary mbola ataon'ny tompon'andraikitra eo amin'ny toerana mandraka ankehitriny. Tsy manana politika matotra amin'ny fitantanana ny fiainam-bahoaka andavanandro ankehitriny ny fitondrana Rajoelina matoa efa ho valo volana izao tsy hita soritra izay fiovam-pîainana eto. Efa tsy ahitan-teny firy intsony amin'izao ireo mpanohana nafana fo nanohana izao fitondrana izao, noho izay tsy fisian'ny fiovana eo anivom-piarahamonina sy firenena izay. Toa ny eo ihany no eo, hoy ny rehetra. Manomboka miakatra ny feo amin'ny tsy fiovam-piainana kanefa ny sondro-bidim-piainana tsy misy fiovana, ary izay no mampikoropaka ny fitondrana. Ny figalabonana amin'ny vola aman-karena misy ho an'ireo mpisehatra rehetra mpitantana ny fitondrana kanefa ny vahoaka miandry fatratra ny akon'ny asa nataony tsy hita soritra. Fihetsiketsehana no betsaka ataon'ireo eo anivon'ny ministera isan-tokony, fa ny akon'izany eny amin'ny ati-vilany sy vilian'ireo fianakaviana isan-tokantrano tsy misy. Mijery sy mandinika izany ny vahoaka ankehitriny ary tsy mahafaly sy tsy manetsika ny fanantenany ny zavatra iainany. Azo anaovana fitsapana na "sondage" tsara izany. Malaza tsy ihinanana toy ny vilian-tsahona ny zavamisy. Mety hirentirenty ny zava-misy naorina na atao etsy sy eroa, fa ny any am-paosy na ny any an-kitapom-bolan'ny isam-pianakaviana tsy misy fiovàny. Mampihataka tsimoramora sy miandalana ny fon'ny vahoaka amin'ny fitondrana izany ary izay indrindra no mampikoropaka ny fitondrana. Hahavita inona eo anefa isorohana izany fa tohizo ihany ny kajikajy politika.

**Sôh'son**

Naivo Rahamefy delegen'ny Boriboritany II

## Hitondra aina vao ho an'ny Boriboritany sy Iarivo

Noho ny fandaminana ao amin'ny Boriboritany faha-2, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia Andriamatoa Naivo Rahamefy indray no delege vaovao ao amin'ity Boriboritany ity. Izy dia efa ben'ny tanàna teo aloha tany Mahajanga renivohitry ny faritra Boeny. Nahavita be tao amin'ity tanàna ity izy nandritra ny nitondra tany an-toerana, ary izy dia anisan'ireo ben'ny tanàna nifandimby mamim-bahoaka any Mahajanga rah any angom-baovao avy any an-toerana. Hitondra aina vao ho an'ny Boriboritany faha-2 indray izy ankehitriny araka ny fanendrena vao nataon'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, izany koa dia hitondra aina vao mihitsy ho an'Antananarivo ihany koa satria miparitaka kokoa any amin'ny boriboritany ankehitriny ny fahefana eto an-drenivohitra. Nambaran'ny delege Naivo Rahamefy, fa laharam-pahamehana ho azy aloha amin'izao fiandohana izao ny fanadiovana faobe, manaraka avy eo ny fampandrosoana ny boriboritany sy ny mponina ao aminy.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Antananarivo, Ivato, Antsirabe,...

# Ho tazonin'ny antoko TIM sy ny mpanohitra mafy

Na dia efa ny lalàna mihitsy aza no mandrara ny tsy hanaovana fifidianana amin'ny fotoam-pahavaratra dia mbola ny 27 novambra 2019 indray, no ho tanterahina ny fifidianana Ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina kaominaly. Nasondrotra avo roa heny ihany koa ny antoka ho an'ny kandidà rehetra izay mampanontany tena ny maro, tsy manambola tokoa, angamba, ny rafitra mpikarakara ny fifidianana sa tetika hoentina hanilihana kandidà fotsiny ihany. Efa zatra miantehitra amin'ireo vondrona iraisam-pirenena ihany ny fitondrana eo amin'ny raharaham-pifidianana tahaka izao, ka asa raha mbola ho velarina indray ilay « basket funds » na ahoana.
Mbola mampametra-panontaniana ihay koa ny lisi-pifidianana izay tena anisan'ny nampihena ny mpifidy satria tsy ireo tsy tonga ihany no nahatonga izany fa teo koa ireo nifidy tamin'ny fifidianana filoham-pirenena kanefa dia tsy tao anaty lisitra intsony tamin'ny fifidianana solombavambahoaka. Toa nararaotina ny fahalainan'ny olona hanamarina ny anarany tao anaty lisitra kanefa toa tany amin'ny fokontany mihitsy no nanao hadisoana, fa tsy ny nampiditra ny anarana tao amin'ny solosaina. Toa efa manao ezaka, hono, ny Vaomieram-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fifidianana CENI amin'ny fanarenana ny lisitra, ka ho hita eo indray izay ho vokatr'izany. Teo ankilany koa ny tsy nampavitrika ny olompirenena hifidy dia noho ny halabato tamin'ny fifidianana filoham-pirenena ny vola desambra 2018. Azo inoana fa raha tatsy Afrika no nisy toe-draharaha toy ireny niseho teto Madagasikara ireny dia ho gidragidra tsy nisy fiafarany. Saingy soa ihany fa hendry ny mpifaninana, ka tsy naka sarotra fa nanaiky na « nandefitra nanana ny marina » araka ny fahendrena malagasy. Efa tapaka fa ny 27 novambra 2019 no hatao ny fifidianana Ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina monisipaly. Toa niandry an'io daty io mihitsy ny teny amin'ny Antenimierampirenena vao niroso tamin'ny fandaniana ilay tolodalàna momba ny mpanohitra. Efa nomen'ny tao amin'ny Minisiteran'ny Atitany taratasy ofisialy amin'ny maha mpanohitra azy koa Ravalomanana Marc. Niaraha-niaina mantsy ny resaka nandeha fa mety hirotsaka kandidà ho ben'ny tanàna Ravalomanana Marc talohan'ny nifidianan'ny "Rodoben'ny mpamohitra" ho lehiben'ny mpanohitra azy sy ny nanoloran'ny vondrona parlemantera Tim ny anarany teny amin'ny Antenimierampirenena ho amin'izany toerana izany. Tsapa araka izany fa fanosehana an-dRavalomanana Marc hirotsaka kandidà ben'ny tanàna no anisan'ny antony nandaniana maimaika iny tolodalàna iny. Tahotra ny filoha teo aloha Ravalomanana Marc avokoa no antony hitadiavana izao tetika maloto rehetra izao mba tsy hananany sehatra hahazoany manitsy amin'ny fomba aradalàna ny lalan-diso hizoran'ny mpitondra. Raha ben'ny tanàna tokoa mantsy izy dia ho sahala amin'izao ataon'ny mpitondra amin'ny ben'ny tanàna ankehitriny, Ravalomanana Lalao, izao no hataon'ny mpitondra. Ny tena loza aza dia hitady hirika hangalaram-bato indray dia hatao, angamba, mety mbola hanaiky ilay didy tsy azo ivalozana izy. Na izany na tsy izany dia misy tanàna maromaro tsy havelan'ny antoko Tim hanjakan'ny antoko hafa, ka handrotsaka kandidà any amin'ireny tanàna ireny izy, anisan'izany, Antananarivo Renivohitra, Ivato sy Antsirabe, sy ny maro hafa manerana ny Nosy... Raha iretsy tanàna 3 voalohany voalaza dia tokontanin'ny antoko TIM ireo tanàna 3 ireo: Antananarivo renivohitr'i Madagasikara, ben'ny tanàna avy amin'ny TIM no mitondra ankehitriny, ary azo lazaina ho nandresy aloha hatreto ity antoko natsangan'ny Filoha Marc Ravalomanana ity hatreto tamin'ireo fifidianana efa vita tamin'ny taona 2018 sy tamin'ity taona ity. Ivato, vavahadin'i Madagasikara dia ben'ny tanàna TIM koa no mitondra ary nahavita zavatra maro izy ka heverina fa sarotra no handresy azy. Antsirabe, depiote TIM no voafidy ao, midika fa tokony ho ben'ny tanàna TIM ihany koa no ho lany amin'ny 27 novambra, Antsirabe tanan-dehibe faharoa eto Madagasikara, ny kandidà voalaza fa hirotsaka ao koa dia manana ny maha-izy azy satria zanak'Antsirabe, sady manana ny maha-izy azy koa eo amin'ny sehatry ny fitantanana sy ny politika dia Guy Rivo Randrianarisoa. Ankoatra ireo anefa, tanàna maro manerana an'i Madagasikara ihany koa ankehitriny no mbola ben'ny tanàna TIM ny ankabeazany, ary ny filazana ankehitriny fa hiara-dia ny TIM sy ny mpanohitra RMDM amin'ny fifidianana ben'ny tanàna ho avy io dia tokony hampitombo ny ben'ny tanàna ho voafidy miaradia amin'ny filoha Marc Ravalomanana. Fifidianana ho an'ny rafitra fototra eo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana ny kaominina ka tomponandraikitra ny mponina, olompirenena, tsirairay mipetraka ao amin'ny tanàna ka mendrika ho azy izay olona voafidy, na hifidy izy na tsia, Ny voany no hahafantarana ny hazo ka, angamba, tsy hisy hiantsampy amin'ny hazo tsy fantatra.

***Andry Tsiavalona***

### EPP Ilanivato sy Soanierana II

# Notoloran'ny depiote Ramboasalama ody ambavafo sy fitaovana ireo mpanala CEPE

Amin'izao vanimpotoana hanalànan'ireo ankizy fanadinampanjakàna CEPE izao, tsy nijery fotsiny izany ny solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin' ny boriboritany faha 4, Ramboasalama Emilien mivady, fa nitondra fanampiana ho an'ireo ankizy miisa 70 tao amin'ny EPP Ilanivato, izay toerana nanaovany fanadinana CEPE ny taona 1968 ary ny EPP Soanierana II izay miisa 100 ireo nomena fanampiana. Nanampy tamin'ny fanatontosàna izao hetsika izao ny fikambanana FIRAISANKINA ao amin'ny boriboritany faha 4. Natao izao fanampiana izao hoy ny depiote Ramboasalama Emilien, mba hanalàna fahasahiranana ireo ray amandreny sy ho tohana ara-tsakafo ho an' ireo ankizy hanala fanadinana . Nitsodrano ireo ankizy ny depiote ho afa- panadinana soa aman-tsara izy ireo, mba ho reharehan'ny firenena. Feno fisaorana ny solombavambahoaka ny solontenan'ny ray amandreny nandray fitenenana tamin' izao fanampiana izay nataony izao, fa mijery ny madinika tokoa izy , afa-pahasahiranana tantera-ka izahay hoy ireto farany satria tsy hividy fitaovana intsony. Fa nohararaotin'ny mpanao gazety nanontaniana ny depiote Ramboa- salama Emilien mikasika ny fahalanian'ny satan'ny mpanohitra teny amin'ny antenimieram- pirenena . Mazava ny teninay hoy izy fa natao amboletra ny fahalanian' iny lalàna iny satria tsy manaraka sy manaja ny lalampanorenana. Mbola hamafisinay depiote TIM hoy izy ny tokony hanatanterahana ny lalàna 2011- 013, fa io ihany no fantatray. Ny solombavam- bahoaka TIM hoy izy dia tsy hanao filoha lefitra faha 7 , fa aleonay mijanona ho depiote mpanohitra tsotra fotsiny amin' izao.

***Helisoa***

### Fifidianana filohan'ny FMF

# Toa tranga maneho ny fiatahana amin'ny fitondrana amin'izay

Miezaka hiova ho amin'ny zavamisy andrasan'ny vahoaka, na ny mpankafy azy ankehitriny ny miseho eo anivon'ny fitantanana ny taranja baolina kitra. Niarahanahita ny voka-pifidianana teo amin'izay ho filohan'ny federasiona malagasy misahana ny baolina kitra (FMF) natao tany Ifaty Toliara teo. Niaraha-nahalala tamin'ny kandidà dimy izay nifaninana no nisy tamin'izy ireo no miara-dia amin'ny fitondrana ankehitriny. Tsy izy anefa no lany voafidy fa olon-kafa. Toa midika tsotra izany, fa tsy voatery ho olon'ny fitondrana ankehitriny hatrany no ho lany hitantana sehatra lehibe sy avo lenta eto amin'ny firenena. Azo itarafana ihany koa izany fa miandrandra fiovàna lalina ny eo anivon'ny sehatry ny taranja baolina kitra ity, izay ankafizin'ny vahoaka malagasy tokoa. Porofon'izany ny tranga tamin'ny ekipam-pirenena Barean'i Madagasikara teo iny, raha niatrika ny dingana famaranana tamin'ny amboaran'i Afrika ho an'ny ekipam-pirenena na ny CAN 2019. Niaraha-nahalala fa latsaka lalina loatra ny sehatry ny baolina kitra nandritry ny taona maro izay ary efa saika toy ny « sotrobe hazo aza » angaha no ilazana azy, hita tsy mahataitra very tsy maharototra. Tsy afa-miala amin'izany fahasimbana lalina izany ireo tompon'andraikitra rehetra tao anatin'izany fotoana izany. Ny fisandratana tampoka teo amin'i Barea teo tany Ejipta no nanaitra ny sain'ny vahoaka Malagasy rehetra sy nanova ny fomba fijery ary nahatonga ny fitondrana hatrany amin-dRajoelina nikoropaka. Iaraha-mahalala tsara, fa tsy nisy fitondrana Rajoelina izany teto nandritry ny tetezamita dimy taona maninjitra niezaka nanandratra izany taranja baolina kitra izany. Fa tamin'iny fotoana teo iny vao niseho nampisongadin-tena. Tsy azo fitahina amin'izany ny vahoaka. Na tsy fantatra mazava amin'ny antsipitriany aza ny foto-pisainan'ireo mpifidy filohan'ny ligy rehetra nandray anjara tamin'iny fifidianana iny, ny vokatra hita dia maneho indrindra fa mitaky fiovana hatrany amin'ny fotony ny sehatry ny baolina kitra eto Madagasikara. Efa tsara iny zavanitranga tany Toliara iny kanefa ny tontolon'ny baolina kitra eto Madagasikara tsy mbola sitrana tanteraka noho ny fanimbana na « fandratrana » natao azy nandritry ny taona maro.

***Radafy***

**facebook NY VALOSOA**

## Antananarivo madio sy milamina no tanjona, manila ireo mpandoto tanàna ny CUA



**Arp Helisoa:** Antananarivo madio sy milamina no tanjona, manala ireo mpandoto tanàna ny CUA.
**Mamy Andrian :** aza atao sary indray mipika fa tohizo ny ezaka sy fanentanana ny olona ahalala madio.
**Norma Raj :** feno tay Analakely, misaotra anareo CUA manadio ary esory tanteraka any mihitsy ireo rehetra mpandoto tanàna ireny.
**Sting Rakotozandry :** aleo mihitsy hadio. Ny ao ambadiky ny Jirama sy Edbm Antaninarenina ihany koa tokony tsy ho adinoina. Tohizo hatrany ny fanadiovana ry CUA fa asanareo isan'andro io, mankasitraka!
**Rajaonarivony Andry Nirina :** tsara ilay mihezaka e, aleo hanenjika izay mpanenjika, fa tohizo ihany ny asa ry CUA.
**Naivoarimanana Randrianjafy :** tao aorianan'ny revy kitoatoa nataon'ny kitoatoan'olona tamin'ny 2009 no nampirongatra ny havoretrana, ny gaboraraka, ny tsy fandriampahalemana sns... Manarina ny nataon-dry Andry Rajoelina mpanongam-panjakana amin'izao fotoana ny CUA tarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.
**Lepoko Tseheno :** tena manao tokoa le CUA, na izany aza, tohizo hatrany izao ezaka fanadiovana izao.
**Zoky Hasina :** mbola tsy tara eh, hataovy madio tsara Analakely sy ny manodidina, fa izay no fitaratra ho an'Antananarivo e!
**Dadane Freeman :** ireo 4mi ireo vé tsy misy hevitra mihitsy ry zareo a! Antananarivo ange no capitale Madagasikara e dia i Analakely sy ny manodidina no centre ville fa mba jereo ange e!
Maloto sy mikorontana, noho izany tohizo hatrany izao asa fanadiovana goavana fanalana ireo mpandoto tanàna ireo.
**Ndremahery Razafindratsima :** ny eo Antaninarenina koa tompoko , fongary , fafao, esory any daholo mihitsy aloha ...

### TONONKALO

## AMPIHARO NY LALÀNA EFA MISY

Nony injay fa tsy mpanohitra intsony
Dia tadiavina ovàna ny lalàna ?
Mandiniha `nareo mihevitra ho ambony
F'aza dia manao fisainana "sanàna".

Na "mpitondra" ianao na "entina", tsarovy,
Fa ho an`ny rehetra ny lalàna.
Tsisy ambony , tsisy ambany fa mitovy,
Na vahoaka na mpitondra fanjakana.

Koa esory ny endrika fitiavantena
Izay mpahazo anao mba manam-pahefana.
Tombontsoan`ny maro an`isa no jerena,
Izay no antony hametrahana lalàna.

Tsy ho fanilihana olona tsy akory
No hikitihana ny didy sy lalàna,
K'aza dia mandany andro ny mivory
Ny amin`ny zavatra tsy tokony hovàna.

Dada ihany no tsy tiana raha izao
Ka dia fofoina sy tsy avela hisoka-bava ?
Mihevera ry tsy misy kalitao
Fa hay kanosa nefa loza raha handrava !

***DADAN`i ZINA (25-08-19)***

BORIBORITANY FAHA5 (CUA)

## Nanohy nanadio tanàna sy nanala ireo mpivarotra amoron-dalana teny Ivandry

Mitohy hatrany ny fandaminana sy fanadiovana tanterahin'ny fiadidina ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanatanteraka fanadiovana ny tanàna niainga teny amin'ny Pulman Ivandry, ka hatreny Analamahitsy ny avy eo anivon'ny Boriboritany fahadimy omaly. Nisy ihany koa ny fanalàna ireo mpivarotra tsy ara-dalàna teny amorondalàna, teo amin'ny Pulman Ivandry. Niara-nientana nanatanteraka izany ireo ekipa teknika sy ny ekipa avy eo anivon'ny tsena. Entanina hatrany ny mponina mba hitandro ny fahadiovan'ny tanàna ary hanaja ireo toerana voatokana natao ivarotana, mba hisian'ny filaminana eto anivon'ny tanàna'Antananarivo Renivohitra.



*Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany faha-5 teny Ivandry, ka hatreny Analamahitsy.*

***Aly***

Sampana mpamonjy voina CUA

## Nanome dabam-pako ho an'ireo mpitatitra eto an-dRenivohitra sy nanadio tanàna

Ao anatin' ny ezaka fankalazana ny faha-70 taona niorenany, ny vondrona mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin' izao fotoana izao, ka hetsika maro no notanterahana nandritra izany. Raha ny andron'ny Sabotsy teo dia natomboka maraina vao mangiran-dratsy izany, tamin'ny famohaza-mandry, na « caravane », izay nataon'ny fiara be mpamonjy voina nihodina ny tanàna, narahana hazakazaka mba hampahafantarina ny mponina, fa misy mpamonjy voina miaro sy mitsinjo izy ireo isan'andro isan'ora. Nanadio tamin' ny alalan'ny rano sy kifafa ny faritra Tsaralalàna sy Analakely ihany koa ireo mpamonjy voina ary nanome dabam-pako ho an'ireo fiara mpitatitra izay miditra eto an-dRenivohitra ; izany no natao dia ny mba tsy anarinarian'ireo mpanjifa ny fakony etsy sy eroa intsony satria Antananarivo no renivohitr'i Madagasikara, ka tokony hatao fitaratra. Nofaranana tamin'ny fanabeazana ny mponina ny hetsika, mba hikajiany sy hitandroany mandrakariva ny fahadiovana, ka ho tanàna madio sy milamina ary maha-te honina Anatananarivo Renivohitra, araka ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanànan' Antananarivo Lalao RAVALOMANANA.


*Ny hetsika nataon'ny mpamonjy voinan'ny CUA ny sabotsy teo.*

***Stefa***

Tsy fandriampahalemana

## Mpiandy omby notifirin'ny dahalo, voa teo amin'ny tarehiny

Tsy tontosa ny fikasandratsin'ireto dahalo roalahy, izay nangalatra omby, noho ny fiaraha-miasa matotra teo amin'ny zandary sy ny fokonolona. Tao amin'ny tanàna iray atao hoe Marovahoaka fokontany Ambatolampikely kaominina Ambatomiady distrikan'Antanifotsy no niseho ny halatra. Omby roa nandrasan' ny tompony no nalain' ireto dahalo 2. Notifirin'izy ireo ilay mpiandry omby ka voa teo amin'ny tarehiny. Niantso ny zandary avy hatrany ny fokonolona, ka tonga nijery ifotony ny zava-nisy ny zandary tao amin'ny Poste fixe Ambatomiady. Natao ny aradia niarahana tamin'ny fokonolona, ka tsy lasa lavitra akory dia tratra ireo olondratsy. Tratra teny aminy niaraka tamin'ny omby roa nangalariny ny basy pistolet vita gasy sy ny bala chevrotine calibre 12, efa nipoaka ny iray izay nitifirany ilay mpiandry omby. Rehefa natao ny fanadihadiana dia voasambotra ihany koa ny olona fahatelo izay voalaza fa nividianana ilay basy. Mitohy hatrany ny fiarahamiasa eo amin'ny vahoaka sy ny mpitandro filaminana izay manakaiky vahoaka hatrany, ao amin'ny Distrikan'Antanifotsy entina iadiana amin'ny tsy fandriampahalemana.
Tsy misy atahorana kosa ny ain'ilay mpiandry omby ary efa manaraka fitsaboana ao amin'ny hopitaly Antsirabe.



*Ireo dahalo tratran'ny zandary tany Antanifotsy.*

***Ny Valosoa***

## Sakafo Ny Valosoa



**Atikena omby saosy tongolo** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana salady koa miaraka aminy, sy ro matsatso anana misy angivy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo sakafo mahabe nonon-dreny



Ireo sakafo mahabe nonon-dreny indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Rehefa mampinono na alina na atoandro dia tokony hanana : rano amin'ny thermos foana, ronono na amin'ny boaty na vonony na mandry, na ronono velona, dibera, totom-boanjo, mofo dipaina, … sns. Ireo sakafo ireo dia afaka ahosotra amin'ny mofo fa ny dibera sy totom-boanjo no tena tsara aloha satria mampiakatra nono vetivety. Isaka ny vao avy mampinono ianao dia : manao dité, ary manosotra sy mihinana mofo nasiana dibera sy totom-boanjo, sotroina mafana tsara ny dité, mba hiakaran'ny nono haingana. Rehefa somary mangatsiaka ny nono dia : maka lamban-jaza madio tsara na lamba soga, dia pasohina ary hapetraka eo amin'ny nono avy eo ambony, atao ao anaty akanjo. Raha miakatra be loatra ny nono dia tena mampanavy. Ny nono raha miakatra be loatra dia fatorana eo ambonin'ny nono avy eo ambany helika, fa mampanavy izy rehefa tena tafiakatra amin'ny ambanin'ny soroka. Ireo sakafo hafa maha be sy mahatsara ny nono. Ny sakafo ridritra dia asiana rony avy eo : hena, trondro, legumes, … sns, ny kitoza, ny atody, fromazy, haninkotrana isan-karazany, ankoatra ny mangahazo izay mampidécalcifié. Rony : akoho, patsa mena kely ireny, soasety, ron-kena fotsiny nasiana sakamalaho misimisy Ravitoto (raha mahazaka), Ny voankazo : ny papaye tena tsara koa na atao lasary na hanina izy masaka tsara iny, akondro, frezy, poara, … rehefa mety ho voankazo mamy tsara. Tsy tsara loatra ny mihinana voamadilo.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ambohimahavelona any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'Ambohimahavelona, any amin'ny distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity. Tanàna tsy dia avo toerana izy satria 108 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tany mamokatra ny tany amin'ity kaominina ity, mpamokatra vary ny matsy an'i Toliara sy ny manodidina Ambohimahavelona, vokatra any koa ireo haninkotrana isan-karazany. Miompy omby sy ondry ary osy koa ny mponina.


*Ny lalana mihazo an'Ambohimahavelona.*

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 146), Madagasikara 21 aogositra 2019

**Isaia 61: 1 "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, satria Jehovah efa nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny mpandefitra, efa naniraka Ahy hahasitrana ny torotoro fo Izy, ary hitory fanafahana amin'ny babo sy hamoaka ny ao an-trano-maizina ho amin'ny mazava".**
Rehefa napetraka teo aminareo ary ny FANAHY MASINA dia IZY no manao ny ASA rehetra anirahana AZY. Satria ao anatinareo IZY dia tokony ho hita eo aminareo ny maha-FANJAKANA AZY, miseho eo amin' ny fiainanareo ivelany ary tokony ho fantatrareo koa ny asa ataony, mba hahafahanareo mahay miara-miasa AMINY ary mba tsy hanaovanareo ambanin-javatra AZY. Maro no tsy mahalala ary betsaka koa no tsy mahafantatra hoe: inona moa izany FANAHY MASINA izany? Ilaina ve izany? Atao inona izany? Misy aza moa dia tsy miteny izany mihitsy, eny na dia any anaty Fiangonana aza. Na misy aza olona efa tokony hanjakan' ny FANAHY MASINA dia lasa mampatahotra azy ny FANAHY MASINA, indrindra moa raha misy ny miteny amin' ny fiteny tsy fantatra izay. Aoka ho fantatrareo anefa fa izany no porofo fa vita Batisan' ny FANAHY MASINA ny olona iray, **I Korintiana 14: 2** "Fa izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny amin'olona, fa AMIKO JEHOVAH; fa amin'ny fanahy no itenenany zavamiafina, ka tsy misy olona mahalala;" Aoka ny teny tsy fantatra mba ho ao anaty VAVAKA ataonao no miseho, izany no porofo fa miresaka AMIKO hianao. Mba fantatrao? IZAHO iny miteny aminao iny na JESOSY na ny FANAHY MASINA arakaraky ny vavaka ataonao. Miantefa amin' iza? Araky ny fampianarako anao. Vakio anie ireto asan' ny FANAHY MASINA iarahany aminao ireto e! Mpampianatra IZY, Mpampahery, Mpampatsiahy, Mpampahatsiaro, Mpampionona, Mpampihavana, Mpitahiry, Mpitari-dalana, Mpanolo-tsaina, Mpampitraka, manome hery, mampijoro, manangana, Mpamerina amin' ny laoniny, mampiaiky amin' ny fahotana, mampandroso, mampiezaka, mamantatra ny zavatra rehetra, mampiharihary Fahamarinana mitady izay very, mampiorina izay mitoetra tsara, mampangetaheta, mampahatsiaro tena, manavao, manamarina amin' ny fahalavoana, mandresy lahatra ho amin' ny tsara sy izay tokony hatao na izay tokony haleha, izay tokony ho raisina, izay tokony ho henoina indrindra fa izay tokony ho tenenina sy ambara. "FANAHIN' NY" fahendrena, IZY no solontenanay manatanteraka ireo ASA rehetra ireo eo aminareo. Ny tsy fahalalana matetika no mahavery ny fanahy, mampiady hevitra, hany ka samy milaza izay tianareo ho lazaina hianareo, ny fiafarany dia misara-bazana sy mifanondrotondro. Ny FANAHY MASINA anefa dia mpampiray, mpampiombona. Manionona no mbola tsy tonga amin' izany ny Fiangonana sy ny Mpino? Satria tsy mampiasa ny FANAHY MASINA ka dia indro fa mitsitokotoko, samy maka ho azy. Aza hadino izao: ny FANAHY MASINA no mitory eo am-bavanareo io, IZY io manasitrana ireo marary eo aminareo fa hianareo dia fitaovana fotsiny ihany. Izany hoe: ny ASA rehetra natao' i JESOSY fony IZY teo aminareo dia notohizan' ny FANAHY MASINA ka tandremo sao misy manao hoe "izaho" fa diso izany, tena diso, diso tanteraka. Rehefa tsy nanome toerana ny FANAHY MASINA araky ny fombany sy ny fahefana nomena AZY dia raisinao ny toerany: diso izany. Manitsy izay diso eo aminareo koa ny FANAHY MASINA ka omeo lalana hiasa. "FANAHY MPANANATRA", izany no mahatonga anareo ho tonga saina ka manjary olom-baovao, **Jaona 14: 26** "fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo." Ny olona itoeran' izany FANAHY MASINA izany no mahatsapa fiainana, fifaliana ary fiadanana sy fitiavana. Avelao hanjaka eo aminareo IZY fa izay no nanirahana AZY. Araka ny fampianarako, IZY Ilay FANJAKANA ao anatinareo. Ity ary misy santionam-bavaka alao tahaka tsara. Avaho tsara ary ny toeranay telo, RAY = IZAHO JEHOVAH, Zanaka = JESOSY, FANAHY MASINA= Mpanatanteraka ny zavatra rehetra. Aoka ho ny Anarako no hanononana AHY= JEHOVAH RAY MASINA indrindra izay any an-danitra ô! Na RY JEHOVAH MPANJAKA Avo indrindra ô! Ilay mipetraka eo amin' ny fiandrianana manerinerina, Masina Hianao, Marina Hianao, tsy misy ny toa Anao, Ilay Tokana maharitra mandrakizay, ary Ilay Taloha sy Ankehitriny sady tsy miova. Mpamorona izao tontolo izao, misaotra fa nomena ahy JESOSY ho fiainako, misaotra JESOSY ô! Fa tia ahy Hianao ary tsy nisy nijery ahy afatsy Hianao. Misaotra fa namonjy ahy Hianao, namela ny heloko sy ny fahotako, namindranao fo aho tamin' ireo hadalako marobe. JESOSY ô! Mpanjakako Hianao, ny Rànao anie ho fiarovana ahy mandrakizay. Hianao Ilay tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Inty aho JESOSY ô!, Anao aho, anjakao aho fa izaho koa tia Anao ary hanompo sy hanao ny sitraponao. Misaotra JESOSY fa napetrakao ato anatiko ny FANAHY MASINA, Lehibe IZY, Mahery IZY, Mahagaga IZY, Mpandresy ary misaotra JESOSY fa toviny amiko ny Teninao. FANAHY MASINA ô! Misaotra Anao aho fa miasa tokoa Hianao, miaro ahy, mitahiry ahy, mampahery ahy, mampitoetra tsara ahy mandra-pihavin' i JESOSY eny amin' ny rahon' ny lanitra. Vonona aho hampianao sy ho tarihinao hatrany. Haleloia! JEHOVAH ô! Faranako ny vavaka ka dia Anao irery ny Dera, ny Laza sy ny Voninahitra. Izany vavaka izany dia nataoko tamin' ny alalan' i JESOSY ary tamin' ny Anarany irery ihany. Misaotra FANAHY MASINA ! Tamin' izany rehetra izany. Haleloia!

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

**Telephone :** 033 12 461 43
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook :** Jehovah Andriamanitra page
**Radio:**
- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Fa fantatro fa lehibe Jehovah, ary ambonin'ny Andriamanitra rehetra ny Tompontsika.*
***Salamo 135:5***

### ANDIANY FAHA-75, TAONA 2019- 2020

# Tsara ho fantatra momba ny fifaninanana hidirana ho zandary

**Nangonin'Isambilo**

Toy izao ireo tsara ho fantatra momba ny fifaninanana hidirana ho mpianatra zanadary andiany faha7, taona 2019-2020.
Ny dingana voalohany amin'izany dia hatao ny 23 sy 24 novambra 2019 manomboka amin'ny 08 ora 30 minitra maraina eny anivon'ny faritra misy vondron-tobim-pileovan'ny zandarimariam-pirenena manerana ny nosy. Ny fifaninanana dia misokatra ho an'ny zatovolahy sy zatovovavy , isany 1200:
-825 no alaina amin'ny mpiadina sivily lahy,
-120 ho an' ny vavy,
-100 miaramila amperinasa na miaramila teo aloha nahavita fonopoampirenena .
-75 ho an' ny kamboty sy vady navelan'ireo zandary maty nandritra ny fanatanterahana ny asa voabaiko.
-80 ho an'ny mpiadina manana fahaizana manokana, ka 10 mahakasika informatika sy fifandraisan-davitra – 40 mahakasika ny fampiliana sy ny fikojakojana fiarakodia – 10 manana traikefa manokana amin'ny fanatanjahantena – 20 mpanao tao-trano, ka 05 plombiers - 05 mahakasika ny teknikany fampangatsiahana (froids), 05 mpanao trano ary 05 mpanao asa momba ny vy.
-Ny fanoratana anarana sy fametrahana antotan-taratasy dia misokatra eny anivon'ny tobim-paritry ny zandarimariam-pirenena (brigade) manerana ny nosy nanomboka ny 23 aogositra 2019 teo, ka hatramin'ny 23 oktobra 19 amin'ny 05 ora hariva.
-Ny fepetra iombonan'ny mpiadina mizaka zom-pirenena malagasy , salama ara-batana sy ara-tsaina izay voamarin' ny mpitsabo miaramila, na mpitsabo miasa amin' ny tobim-pahasalamam-panjakana ho an' ireo lavitry ny toerampitsaboana miaramila , tsy manana olana ara-pahitana , fitondrana solomaso fanitsiana fijery dia tsy ekena , tsara fitondran-tena eo amin' ny fiaraha-monina , manana mari-pahaizana bacc na mitovy lenta amin' izany.
a/-fepetra ho an'ny mpiadina lehilahy , 20 taona raha kely indrindra , teraka talohan' ny 31 desambra 1999 , 30 taona ny lehibe indrindra , teraka taorian' ny 01 janoary 1989 , ho an'ny miaramila amperinasa na miaramila teo aloha nahavita fanompoam-pirenena dia azo ahemotra hatramin'ny 34 taona , teraka


*Mpianatra ho zandary eto amintsika.*

taorian'ny 31 janoary 1985 , taona iray isaky ny fanompoam-pirenena vita izany fanemorana izany, mirefy 1,68 m raha kely indrindra amin'ny tongotra tsy mikiraro , tsy misy fangatahana manokana azo atao na amin' ny taona na amin' ny refy.
b/-fepetra ho an'ny mpiadina vehivavy : 20 taona raha kely indrindra , 28 taona ny lehibe indrindra , teraka teo anelanelan'ny 01 janoary 1991 ka hatramin'ny 31 desambra 1999 , mirefy 1, 63 m raha fohy indrindra amin' ny tongotra tsy mikiraro , tsy bevohoka , ho an' ireo efa niteraka , ny fiterahana farany dia iray (01) taona alohan' ny fidirana ao amin' ny sekoly no azo ekena, tsy misy fangatahana manokana azo atao na amin' ny taona na amin' ny refy.
-antotan-taratasy ilaina :
a/-ho an'ny mpiadina rehetra , fangatahana an-tsoratra alefa amin' andriamatoa sekreteram-panjakana eo anivon'ny minisiteran'ny fiarovam-pirenena miadidy ny zandarimaria , marihina ao anatin' io fangatahana io ny toerana hanaovana fanadinana (renivohitry ny faritra) sy ny sokajy misy ny mpiadina , kopia sora-piankohonana latsaky ny iray taona , dika mitovy ary voamarina ny mari-pahaizana bacc – na ny mitovy lenta aminy izay aseho eo ampanaterana ny antotan-taratasy ary averina amin' ny tompony ihany rehefa vita ny fanamarinana , fanamarinam-pahasalamana milaza fahasalamana sy halavana avy amin'ny mpitsabo miaramila na mpitsabo sivily miasa amin' ny tobim-pahasalamam-panjakana ho an' ireo lavitry ny toeram-pitsaboana miaramila , 01 taratasy fitanisantsazy n°3 latsaky ny telo volana , tapakila manamarina fandoavana saram-pifaninanana mitentina dimy arivo sy roa alina ariary (ar 25.000) izay arotsaka ao amin' ny kaonty BOA laharana : 00009 05035 118 81880001 35 amin' ny anaran' ny direction de la gestion du personnel gendarmerie nationale Toby Ratsimandrava , takelam-pisoratan' anarana ka apetraka ao anatiny ny sokajim-pifaninanana misy ny mpiadina , fenoina ao amin' ny biraon' ny tobim-paritry ny zandarimaria hanaterana ny antotan-taratasy io takelam-pisoratan' anarana io ary soniavin' ny mpiadina , hamarinin' ny lehiben' ny tobim-paritra sy ny vondrotobim-paritra , dika mitovy voamarina ny karam-panondrom-pirenena , fanamarinam-ponenana latsaky ny 03 volana , sary tapaka mitovy efatra , valopy 02 misy hajia diman-jato (500) ariary sy adiresy mazava ary ny laharana finday ahafahana mifandray amin'ny mpiadina.
b/-antotan-taratasy fanampiny.
1/-ho an'ny mpiadina vehivavy , taratasy manamarina ny tsy maha-bevohoka latsaky ny 15 andro ny andro nametrahana ny antotan-taratasy.
2/-ho an'ny miaramila amperinasa sy miaramila teo aloha nahavita fanompoam-pirenena , etat signaletique et des services sy filazana mikasika naoty sy sazy , fangatahana misy ny hevitr' ireo lehibeny isan' ambaratongany ho an' ireo mbola am-perin' asa , fanamarinam-pitondran-tena ho an'ny miaramila teo aloha.
3/-ho an' ireo kamboty : fanamarinam-pahafatesana sy etat signaletique et des services an' ny ray na reny niteraka , tatitra avy amin' ny lehibeny farany mahakasika ny nahafatesany.
4/-ho an' ireo vady navela : fanamarinam-pisoratampanambadiana tamin' ilay zandary maty , fanamarinam-pahafatesana sy etat signaletique et des services an' io zandary maty io , tatitra mahakasika ny nahafatesany.
5/-ho an'ny mpiadina manana fahaizana manokana (specialistes) : dika mitovy ary voamarina ny mari-pahaizana na ny mitovy lenta aminy izay aseho eo ampanaterana ny antotan-taratasy ary averina amin' ny tompony ihany rehefa vita ny fanamarinana
d/-ny antotan-taratasy tsy feno na tara dia tsy azo raisina mihintsy.
Ny fanampim-panazavana hafa dia azo jerena eny amin'ny tobin'ny Zandarimariam-pirenena manerana an'i Madagasikara.

POLISIM-PIRENENA

## Mitohy manentana sy manabe momba ny lalànan'ny fifamoivoizana



*Fanentanana momba ny lalànan'ny fifamoivoizana ataon'ny polisim-pirenena.*

Mitohy hatrany ny hetsika fanentanana sy fanabeazana ny olom-pirenena, momba ny lalànan'ny fifamoivoizana, izay ataon'ny polisin'ny « BAC», na ny brigady misahana ny lozam-pifamoivoizana, avy eo anivon'ny « commissariat central Antananarivo renivohitra ». Tao anatin'ny herinandro maromaro izay dia tsy nitsahatra ireo Polisy avy eo anivon'ny « Brigade des accidents de la circulation » manao fanentanana sy miezaka mampianatra ny olom-pirenena rehetra ny amin'ny tokony hajàna ny fisipika mifehy ny fifamoivoizana. Entanina sy beazin'izy ireo amin'izany, ireo mpitondra fiarakodia, ireo mpitondra moto, ireo mpitondra posy, eny fa na ny mpandeha an-tongotra koa aza. Raha ny salan'isa voaray taorian'ny fanatanterahana ireny hetsika ireny dia manodidina ny 100 isan'ora ny trangàna fandikan-dalàna voatily.

***Ny Valosoa***

Antsirabe

## Tratra ny tambazotran-jiolahy mpanafika mpitaingina scooter

Tambazotran-jiolahy mpanafika, mpitaingina scooter nikasa handroba vola 120 tapitrisa Ar no tra-tehaky ny Polisin'ny Commissariat Central (C C) Antsirabe. Olona miisa 06 no voasambotry ny Polisy miasa ao amin'ny CC Antsirabe ny herinandro lasa teo, tany Vatofotsy mahakasika ny fahaverezana volana mpamongady 01 teny an-toerana, izay mitentina 120 tapitrisa Ariary na 600.000.000Fmg. Tamin'io fotoana io dia nisy mpiasa 02 tao amin'io mpamongady io nirahana nandrotsaka vola tao amin'ny banky immeuble HAVANA/ANTSIRABE.



*Ireo jiolahy mpanafika sy mpitaingina scooter tany Antsirabe.*

Nony tonga tao amin'ny banky izy ireo dia niantso ny mpampiasa azy ary nilaza fa very ny vola 120 tapitrisa Ar nampanaterina . Taorian'ny fitoriana nataon'ny tompom-bola dia nanao ny fikarohana ny Polisy miasa ao amin'ny CC Antsirabe. Fantatra araka izany fa tsy dia nazava loatra ny antony nahavery ilay vola. Nohazonina avy hatrany ny mpamily ilay fiara niaraka tamin'ireo mpitondra ny vola. Tsikaritra noho izany fa tsy very akory ilay vola ary mbola tsy tonga tany amin'ny banky. Niala teny Vatofotsy ilay fiara nitondra vola ary efa niandry azy teny an-dalana ny namany izay niaraka tamin'ny moto scooter. Ireto farany no nandray ilay vola izay efa nataon'ireo mpanolotra tao anaty gony. Efa tafaverina tamin'ny tompony noho izany ilay vola 120 tapitrisa Ar; 1 hetsy Ar ihany no nobangain'ireo mpangalatra tamin'izany vola izany.

***Solohery***

Ady amin'ny zava-mahadomelina

## Jiolahy roa voasambotra, rongony 6 gony tratra

Eo amin'ny ady amin'ny varotra sy fandraharahana an-tsokosoko zava-mahadomelina, tany Antafiabe Analalava, faritra Sofia: rongony 6 gony no tratra ary jiolahy 2 no voasambotra tamin'izany. Ny 23 aogositra 2019 teo, araka ny angom-baovao dia nisy jiolahy telo efa malaza mpanao varotra rongony hita ao Antafiabe, kaominina Ankaramibe distrikan'
Analalava. Nidina tany ifotony ny Zandary avy ao amin'ny Poste fixe Ankaramibe, ka tratra tao tokoa ireo jiolahy nitondra ny rongony 6 kitapo, izay milanja 137 kg. Teo ampanenjehana azy ireo dia voasambotra ny roa, fa ny iray tafaporitsaka.
Nopotehina teo anatrehan'ny tomponandraikitra ireo rongony rehefa vita ny fanadihadihana. Mankasitraka an'ireo olona nanome ny loharanombaovao ny zandarimariam-pirenena any an-toerana
.

***Ny Valosoa***

## SARIITATRA : Mbola lasa nihinam-bilona ny omby Prezidà ka tsy mbola misy puce !




Fikambanana AFHAM

## Mbola RAZAFINJATO Fela no hitantana azy mandritra ny 4 taona

Nifarana ny andron'ny zoma teo ny fihaonamben'ny vehivavy manana fahasembanana, notontosaina tao andrenivohitr'i Vakinankaratra. Nisy ny fehin-kevitra goavana notapahin'izy ireo, ka isan'ny hevi-dehibe tapaka tamin'izany ireto: "Toherina ny fanaovana " ligature" ny vehivavy manana fahasembanana tsy nahazoana alalana, hampiana ny tahan'ny fampidirana hiasa ireo olona manam-pahasembanana, na amin'ny fanjakana izany, na amin'ny sehatra tsy miankina", tokony hamoraina ny fahazoan'izy ireo ny fitaovana ampiasainy amin'ny mahasembana azy", ireo no anisan'ny fanambarana nataon'ireo AFHAM "Association des femmes handicapées de Madagascar" nandritra ny fihaonambe. Navoitry ny Lehiben'ny Faritra tao anatin'ny kabary izay natao fa isan'ny sangany ny Faritra Vakinankaratra amin'ny fandraisana ireo vehivavy manana fahasembanana hiasa ao satria ny faritra dia natao hampandroso ny fiainan'ny tsirairay. Nandritra ny famaranana ity no nanaovana ny tatitra rehetra notapahan'ny mpikambana tonga nanatrika ity fihaonana ity, izay miisa 150 nandritra ny fihaonana, izay nanomboka ny faha-19 Aogositra lasa teo raha tsiahivina. Tanjony ihany koa ny hisitrahan'izy ireo ny fandaharan'asa vatsin'ankohonana, ny fanamorana ny fahazoan'izy ireo fitaovana fampiasa andavanandro: fauteuil roulant, ny tehina, ny appareil auditif, ary mangataka ihany koa izy ireo amin'ny fisian'ny "quota d'embauche" rehefa misy ny tolotr'asa. Nandritra izao lanonana izao no nanolorana ireo rehetra izay nahazo loka tamin'ny fifaninanana rehetra izay natao : ny basket ball, ny fifaninanana sora-dihy. Nahazo ny laharana voalohany tamin'ny fifaninanana basket-ball dia ny handy sport avy any Fianarantsoa, ny faharoa kosa dia ny AFHAM ary tsy adinoina koa ireo nifaninana tamin'ny dihy, ka ny laharana voalohany hatramin'ny faha dimy no notolorana loka ary nahazo mari-pahatsiarovana kosa ireo mpandray anjara rehetra. Tsiahivina fa Antananarivo, Antsiranana Mahajanga, Fianarantsoa, Toamasina, Toliara, Sambava, Antsirabe, Fénérive Est, Mandritsara, Ambositra, Morondava, Antsohihy, Maevatanana ary Ambanja no voasolotena nandritra ny fihaonambe. Raha ny fantatra dia manodidina ny 600 no mpiikambana amin'ny AFHAM amin'izao fotoana izao. Isan'ny zava-dehibe navoitra tao anatin'izao fihaonana izao ihany koa ny fifidianana ireo mpitantana ny fikambanana nasionaly vaovao, ka mbola lany tamin'izany Ramatoa RAZAFINJATO Fela, izay hitondra mandritra ny efa-taona indray, sy mpitantana isam-paritra. Nahomby ny fihaonana ho an 'izy ireo, ka irariana ny hitohizan'izany amin'ny fihaonana manaraka.

***Solohery***

Lalao Afrikana basket-ball

## Nahazo medaly volamena teo amin'ny tifitra 3 points i Elly GNBC

Nahazo medaly volamena i Elly mpilalaon'ny zandarimariam-pirenena (GNBC) sady mpilalao amin'ny ekipam-pirenena Malagasy, amin'ny lalao Afrikana, izay atao any Rabat renivohitr'i Maraoka amin'izao fotoana. I Elly Andriamampionona (GNBC) no nahazo ny medaly volamena teo amin'ny fifaninanana mitifitra 3 points, ary tompon-daka Afrikanina izy noho izany. Izy ihany koa dia anisan'ny mpilalao mandrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy mandritra ity Lalao Afrikana ity, eo amin'ny basket-ball 3x3, na lalaovin'ny olona 3, hatao any Rabat Maroc . Tsara ho marihina fa tafakatra nanao lalao famaranana nifanandrina tamin'i Egypta isika Malagasy, ka nandresy ary dia voahosotra ho Tompondakan'i Afrika amin'io taranja basket-ball 3 x 3 io.

***Lita***



*Elly, mpilalao basket-ball amin'ny GNBC sy ny ekipam-pirenena Malagasy 3 x 3.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fitokanana ny Lalana Mahatma Ghandi Mahamasina sy Indira Ghandi Tsaralalàna omaly.













Ny fizaran'ny depiote Ramboasalama Emilien fitaovana ho an'ireo mpanala CEPE teny amin'ny EPP Ilanivato.



